TATITRY NY FILAN-KEVITRY

NY MINISITRA

Talata 02 jona 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fahazoan-dalana hamindrana ireo "agents contractuels de droit privé" miisa 95 ao amin'ny Birao Nasiônaly misahana ny loza sy tandindon-doza (BNGRC) ho mpiasa tsy tafiditra ao anatin'ny efi-draharaham-panjakana (agents non-encadré de l'État) izay sahanin'ny tetibolan'ny BNGRC.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tatitry ny fivoriana ara-potoana fahenin'ny Kômitin'ireo Minisitra misahana ny loza sy tandindon-doza (GRRC) eo anivon'ireo firenena mpikambana ao amin'ny SADC sy ny tolo-kevitra hidirana mpikambana ao amin'ny "Centre des Opérations Humanitaires et d'Urgence de la SADC" (SHOC).

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fandraisan'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) anjara amin'ny fampiroboroboana ny toekaren'i Madagasikara amin'ny alalan'ny fanohanana ny sehatra mpamokatra. Ilaina ny mametraka rafitra manamora ny fahazoan'ny sehatra tsy miankina famatsiam-bola, ho fanamafisana ny firafitry ny toekarem-pirenena sy ho fanarenana ny toekarena. Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia efa nanomboka fifanakalozan-kevitra tamin'ireo Tahirim-bola Afrikanina miantoka fampindramam-bola, indrindra ny "Fonds Africain de Garantie et de Coopération Economique" (FAGACE) mba hanomezana fitaovana ara-bola mahomby sy ny "African Guarantee Fund" (AGF) mba hanomezana fitaovana ara-bola mahomby kokoa ho an'ny mpandraharaha. Ny fidiran'i Madagasikara amin'ireo rafitra ireo dia isan'ny fomba mahomby indrindra hanohanana ny sehatra mpamokatra eto amin'ny Firenena satria manampy amin'ny fanangonana loharanom-bola sy miantoka ny fampindramam-bola izy ireo.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny "Complexe Industriel du Bois d'Andasibe" (CIBA)

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana maika handaminana iraka manokana hanao ny fisoratana anarana biômetirika amin'ny pasipaoro malagasy ho an'ireo olom-pirenena Malagasy monina any Amerika Avaratra.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fahitana zaza iray voan'ny lefakozatra (Poliomyélite) tao Betioky Atsimo, izay nohamarinin'ny fitiliana tamin'ny 20 mey 2026.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fahazoan-dalana handoavana ny sisa tsy voaloa amin'ny fanadinana Baccalauréat ho an'ny taona 2022 hatramin'ny 2025.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fananganana ny Oniversiten'Ampanihy.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fananganana sy fandaminana ny "Collège des Chercheurs" eo anivon'ireo "Centres et Instituts Nationaux de Recherche"

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAKA ASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tetiandron'ny Fampianarana tekinika sy ny fampiofanana araka asa ho an'ny taom-pianarana 2026-2027 amin'ireo toeram-pianarana eo ambany fiadidian'ny Minisiteran'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fampiofanana araka asa.

TETIANDROM-PAMPIANARANA TEKINIKA:

- Fidiran'ny mpandraharaha ara-panjakana: Alatsinainy 31 aogositra 2026
- Fidiran'ireo mpampianatra: Alatsinainy 07 septambra 2026
- Fidiran'ny mpianatra 3 volana voalohany: Alatsinainy 14 septambra 2026
- Fankalazana ny andron'ny fampianarana tekinika: Alarobia 03 martsa – Alakamisy 04 martsa – zoma 05 martsa 2027
- Fetin'ny olomasina: Sabotsy 31 oktobra – Alahady 08 novambra 2026
- Fialan-tsasatry ny Noely: Sabotsy 19 desambra – Alahady 03 janoary 2027
- Fidiran'ny mpianatra 3 volana faharoa: Alatsinainy 04 janoary 2027
- Fialan-tsasatry ny Paska: Sabotsy 20 martsa – Alahady 04 aprily 2027
- Fidiran'ny mpianatra 3 volana fahatelo: Alatsinainy 05 aprily 2027
- Fialan-tsasatra lehibe: manomboka ny sabotsy 09 jona 2027

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanatanterahana ny fanisana ankapobeny fahatelon'ny fambolena.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanombohana amin'ny fomba ôfisialy ny antontan-taratasin'ny paikady nasiônaly hamongorana miandalana ny "pesticides" tena mampidi-doza na "High Hazardous Pesticides" (HHP) ho amin'ny fitantanana mirindra, maharitra ary manaja ny tontolo iainana amin'ny fampiasana akora simika.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana ny fanekena ny toeran'i Madagasikara momba ny ho avin'ny AGOA sy ny fandefasana izany any amin'ny "United States Trade Representative" (USTR).

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA + MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fitantanana sy fanovàna ny fampiasana ireo tahirim-bary simba vokatry ny rivodoza Gezani.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny famindrana ho an'ny orinasam-panjakana "Fianarantsoa – Côte-Est" ny trano iray ao amin'ny taniny ao Fianarantsoa.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tetikasa fampidirana herinaratra amin'ny fokontany Ambohimanandriana, Ambohibary, Antanimboanjo, Avarapasana, Mahazina, Miadanimerina, Varevika, Voainana, Vohimena, Fiadanana, Kaominina Ambanivohitra Fiadanana, Disitrikan'i Fandriana, Faritra Amoron'i Mania, Faritany Fianarantsoa.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fahazoan-dalana ho an'ny JIRAMA hamarana ny fifanarahana fanofana ireo vondrona mpihary herinaratra amin'ny orinasa "Henri Fraise Fils et Cie" sy ny fandoavana ireo taratasim-bidy mifanaraka amin'izany.

Satria tapitra tamin'ny 31 desambra 2025 ny fifanarahana teo amin'ny JIRAMA sy HFF amin'ny famatsiana herinaratrra ao Mahajanga, mba tsy hisian'ny fanapahana herinaratra ao Mahajanga anefa, dia nanohy nanome tolotra sy namatsy herinaratra hatrany tao an-toerana ny HFF na dia efa tsy nisy intsony aza ny fifanarahana manan-kery tamin'ny JIRAMA.

Noho izany, nankatoavina ny fangatahan'ny JIRAMA hanefa ny trosany amin'ny HFF mifandraika amin'io tolotra nomena nanomboka tamin'ny janoary 2026 io ka hatramin'izao. Nankatovana koa ny fifanarahana fanampiny (avenant) ataon'ny JIRAMA amin'ny HFF mba hitohizan'ny famatsiana herinaratra ao Mahajanga hatramin'ny 31 desambra 2026. Raha tafapetraky ny JIRAMA mialoha an'io fe-potoana io moa ireo fitaovana sy paika ho vahaolana amin'izany famatsiana herinaratra ao Mahajanga izany, dia mifarana ho azy mialoha an'io fe-potoana voatondro eo ambony io izany fifanarahana fanampiny ho fanohizana famatsiana herinaratra atolotry ny HFF ao Mahajanga izany.

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fandaminana indray ny fitantanana ny fananan'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, tantanan'ny ININFRA.

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY + MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanatanterahana tetikasa fampirantiana ny asa fikojakojana lalana amin'ny alalan'ny fampiasana ny "grès bitumineux" avy any Belomanga ao Morafeno, izay vatsian'ny Tahirim-bolan'ny Lalana (Fonds Routier).

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fankalazana ny faha telopolo taonan'ny Fondation Tany Meva.

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny hetsika fanadiovana nasiônaly, fanadiovana tatatra ary fanentanana ny olom-pirenena manerana ireo Faritra 24 eto Madagasikara, ny 20 jona 2026.

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA + MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanamboarana maika ireo fantson-drano vaky mitsinjara rano eto Antananarivo.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanampiana ara-bola ho an'ny fandraisan'ny ekipam-pirenena tanora anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika taranja Échecs ho an'ny tanora 2026 any Ouganda.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanampiana ara-bola ho an'ny fandraisana anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny sokajy zokiny eo amin'ny taranja Atletisma any Accra (Ghana) sy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika Atsinanana sy Atsimo ho an'ny tanora any Maurice.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanohanana ho an'ny fandraisan'ny ekipam-pirenena vehivavy sy lehilahy anjara amin'ny FIBA 3x3 World Cup 2026 any Varsovie (Pologne).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanohanana ho an'ny fikarakarana ny FIBA 3x3 World Cup 2026 eto Antananarivo, ny 01 hatramin'ny 03 desambra 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanampiana ara-bola ho an'ny fandraisan'ny ekipam-pirenena vehivavy A15 anjara amin'ny fifaninanana « Rugby Africa Cup 2026 » any Kenya, ny 21 mey hatramin'ny 1 jona 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanohanana ara-bola ho an'ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika taranja Karate, Faritra Atsinanana (CAKRE), ny 28 hatramin'ny 31 mey 2026 any Nairobi, Kenya.

MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanohanana ny tetikasa fanontana ny boky mirakitra ny fenitry ny tsipelin'ny teny Malagasy.

II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolaniana ny didim-panjakana mifehy ny famoronana ny fandaharanasa "FANDROSO" mamaritra ny fandaminana, ny fomba fiasany ary ny andraikiny.
- Nolaniana ny didim-panjakana manendry ireo mpikambana eo anivon'ny Filankevi-pitantanan'ny "Unité de Gouvernance Digitale" (UGD)

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna mifehy ny asa mifandraika amin'ny lalao filokana sy ireo toeram-pilalaovana.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nolaniana ny didim-panjakana manendry ny Banky Foiben'i Madagasikara ho mpitahiry foibe ny volamena ao anatin'ny rafitra ara-bola.

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome alalana ny fankatoavana ny fifanarahana momba ny famatsiam-bola sy ny fampiasam-bola eo anivon'ny Vondrom-pampandrosoana an'i Afrika Atsimo (SADC).

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna momba ny sata mifehy ireo mpitana kaontim-panjakana.

- Nolaniana ny didim-panjakana manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana 2015-849 tamin'ny 12 mey 2015, izay mamaritra ny fandaminana ny fanaraha-maso (tutelle) sy ny fisoloan-tenan'ny Fanjakana ao anatin'ireo rafi-pitantanana sy fitarihana ireo orinasa ahitana fandraisan'ny Fanjakana anjara.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIANDRIANANA ARA-TSAKAFO

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola momba ny famatsiam-bola fanampiny ho an'ny Tetikasa Fanitarana ny Faritra Bas Mangoky Dingana faharoa (PEPBM II), izay natao tamin'ny 6 mey 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny "Facilité d'Appui à la Transition".

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa Fanitarana ny Faritra Bas Mangoky Dingana faharoa (PEPBM II), izay natao tamin'ny 6 mey 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirim-pampandrosoana Afrikanina (Fonds Africain de Développement - FAD).

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Nolaniana ny didim-panjakana mamindra amin'ny Fanjakana tany mirefy eo ho eo amin'ny 1652 Ha 48 A 51 Ca ao anatin'ny fananana antsoina hoe « Durand de Vilaine III » TN°1181-G ao Mandraka, Distrikan'i Manjakandriana, Faritra Analamanga, an'ny fianakaviana Razakantoanina Louis.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nolaniana ny didim-panjakana momba ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanan'ny Ivon-toerana Malagasy misahana ny Vaksiny ho an'ny Biby (IMVAVET).

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna momba ny Sata mifehy ny Fitaterana an-dranomasina eto Madagasikara.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO

- Nolaniana ny didim-panjakana momba ny fampiasan'ny Fanjakana ny foibe famokarana herinaratry ny orinasa Aksaf Power Ltd.
- Nolaniana ny didim-panjakana manendry ny orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA) hanao fifanarahana mivantana O&M amin'ny orinasa Aksaf Power Ltd.
- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna mamaritra ireo fitsipika mifehy ny fanatanterahana ny asa sasantsasany eo amin'ny sehatry ny "aval pétrolier" ataon'ny rafitra iray nahazo alalana avy amin'ny Fanjakana Malagasy, ary manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana 99-010 tamin'ny 17 aprily 1999, novaina tamin'ny Lalàna laharana 2004-003 tamin'ny 24 jona 2004, momba ny fanalalahana ny sehatra "pétrolier aval".

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nolaniana ny didim-panjakana momba ny fampanarahan-dalàna ny fanomezana tambin-karama manokana ho an'ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra..

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOFIRINGA Jean Marc Auguste** ho *Responsable de l'Unité Partenariat Public Privé* (UPPP) eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika.

MINISITERAN' NY FOLOALINDAHY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-739 tamin'ny 02 jolay 2025 ary manendry ny **Colonel ANDRIAMIFIDISOA Deranjanahary José Yves** ho *Commandant de la Zone de Défense et de Sécurité Mandrare* (Sud) ao Taolagnaro eo anivon'ny Etamajaoron'ny Tafika.

MINISITERAN' NY FITSARANA

- Noraisina ny didim-panjakana ary manendry an'**Andriamatoa VELO Bendrainy** ho *Chef du Ministère Public près la Juridiction de Second Degré du Pôle Anti-Corruption d'Antananarivo.*

MINISITERAN' NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1561 tamin'ny 23 novambra 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RASOARIVOLOLONA Jeannine** ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Prefektioran'i Miarinarivo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANDRIANARISOA Nasolo Miora Valérie** ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Prefektioran'i Tsiroanomandidy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1448 tamin'ny 12 oktobra 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAFIMANDIMBY Nivoaritsalama Herilala** ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Prefektioran'i Manakara.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMPENOHAJA Andriamanalina Jens** ho *Directeur de l'Ecole Supérieure des Sciences Agronomiques et Environnementales de l'Université d'Amoron'i Mania.*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTOARIVELO Malalaniaina Miora** ho *Directeur de l'Ecole de Droit, de Gestion, d'Economie, de Management et de Communication de l'Université d'Amoron'i Mania.*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARISOA Daniel** ho *Directeur de l'Ecole Supérieure Polytechnique de l'Université d'Amoron'i Mania.*

MINISITERAN' NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTONDRAZANDRY Balancia Angelette** ho Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena ao Boeny.

MINISITERAN' NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1718 tamin'ny 18 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAMIANDRARIVO Aina Andriamijery** ho Tale Jeneralin'ny Fanofanana Araka asa eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-609 tamin'ny 4 jona 2025 ary manendry an-d**Ramatoa PATRICIA Raviniaina** ho Tale Jeneralin'ny Fampianarana Tekinika eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1719 tamin'ny 18 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa FANANTENANA Jeannie Oliva** ho *Coordonnateur Général des Projets* eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2047 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa HANITRARISOA Isabelle** ho Tale misahana ny Mahaolona eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2052 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAMELSON Freddo Léandre** ho *Directeur des Relations Publiques* eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2053 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RANDRIAMIFIDY Sahondra Arlette** ho *Directeur de l'Incubation Professionnelle* eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2055 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa MALANTONIAINA Rabearimanana**, Coordonnateur de la Cellule d'Engagement Civique et Environnementale eo anivon'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2048 taminn'y 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAHARIFERA Raminohajaina Zafinjohany** ho *Directeur du Patrimoine et de la Logistique* eo anivon'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa.

MINISITERAN' NY FIOMPIANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFINDRABE Roland Rakotovao** ho Tale Jeneralin'ny *Affaires Administratives* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2067 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIANASANDRATRA Haingotiana Zo Harimamy** ho *Directeur des Services Vétérinaires* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa MAHEFASOA Zafimbolona Raphaël** ho *Directeur de l'Unité de Contrôle Interne et Qualité* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMAHENINTSOA Sitraka Najoro** ho *Directeur de l'Intégrité et de la Prévention de la Corruption* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-618 taminn'y 13 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa JOELSON Herinjakanirina Andrianaivo** ho *Directeur d'Appui au Développement des Filières et de la Production Animale* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMPARANY Tantely** ho *Directeur du Laboratoire National de Diagnostic Vétérinaire* (LNDV) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTOMALALA Simon Mirana** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Bongolava eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAMAROSATA Dimbihasinorolalaina Ando Noemi** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Itasy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa FENOZANDRY Etienne** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Diana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa BETSARA Anderson Delalande** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Sava eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAMIARAMANANA Fidy Vahiny Didi** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Alaotra Mangoro eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RABENOMANAMANJAKA Fanomezantahina Tsiorizara** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Ambatosoa eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa TSIRAY Volatiana Evah** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Matsiatra Ambony eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANDRIANTSOA Lydie** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Amoron'i Mania eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAKATIANA Lucien Philippe** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Fitovinany eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARINJANAHARY Léonid** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

MINISITERAN' NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1728 tamin'ny 8 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa MANANARIVO Arlise Winnle** ho Tale Jeneralin'ny Fampivelarana ny sehatra tsy Miankina eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Fampivelarana ny sehatra tsy miankina.

MINISITERAN' NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1552 tamin'ny 3 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RANDRIANAIVOSOA Onivololona** ho Tale Jeneralin'ny Asam-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananana asa sy ny Asam-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-823 tamin'ny 28 jona 2023 ary manendry an-d**Ramatoa RABEKOTO Mandaniarivo** ho *Directeur du Développement et du Partenariat de l'Ecole Nationale d'Administration de Madagascar* (ENAM).

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1972 tamin'ny 16 oktobra 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RANAIVOARIMALALA Tantely Andriamamihery** ho Talem-paritry ny Asa ao amin'ny faritra Bongolava.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1100 tamin'ny 27 jolay 2022 ary manendry an'**Andriamatoa PIERRE ALLAIN Olivier** ho Talem-paritry ny Asa ao amin'ny faritra Atsinanana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-2224 tamin'ny 11 desambra 2022 ary manendry an'**Andriamatoa BEZANO Olivier** ho Talem-paritry ny Asa ao amin'ny faritra Betsiboka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1172 tamin'ny 6 jona 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAFIHARIHOLY Rianasoa Tinarilala** ho Talem-paritry ny Asa ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony.

MINISITERAN' NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa DIEUDONNE Virgiana Dalia Soatsara** ho *Directeur d'Appui à l'Electrification Rurale* eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo.

MINISITERAN' NY ASA VAVENTY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-466 tamin'ny 26 aprily 2023 ary manendry an'**Andriamatoa RATSIFAHERANDAHY Flemond Dolin** ho *Directeur d'Appui aux Urgences* eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1755 tamin'ny 8 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa REBOZA Zafindrevalo Anthonio** ho *Coordonnateur de la Cellule de la Coordination des Projets* eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

MINISITERAN' NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-532 tamin'ny 6 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa NJARA Faniry Julien** ho *Directeur de l'Intégration Numérique* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-938 tamin'ny 11 aprily 2024 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANJAFY Dina Fanantenana** ho Tale Iraisam-paritra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ao Antananarivo.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-537 du 6 mars 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIARIMANANA Rijamanitra Antonio** ho Tale Iraisam-paritra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ao Toliara.

MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-2029 tamin'ny 4 desambra 2024 ary manendry ny **Colonel POELY Florent** ho *Commandant de la Circonscription de la Gendarmerie nationale* ao Antsiranana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1671 tamin'ny 18 septambra 2024 ary manendry ny **Colonel BEHAVANA Derbas** ho *Commandant de la Circonscription de la Gendarmerie nationale* ao Toamasina.

IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN' NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2062 tamin'ny 22 desambra 2025 nanendry ny *Directeur Général de la Digitalisation et de la Gouvernance des Données* (DGDGD) teo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo.

Antananarivo, 02 jona 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika